



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-3

**FIFIDIANANA NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY
BIRAO MAHARITRY NY ANTENIMIERAMPIRENENA**

Fivoriana faha-3
Natao ny
Alarobia 17 Jolay 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa TSARADIA Todisoa
Solombavambahoaka Zandriolona

FOTOANA: Alarobia 17 Jolay 2019, tamin'ny 3 ora sy 40 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana hotanterahina androany izay fifidianana ny Mpikambana ho ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, niangavy an'Andriamatoa TSARADIA Todisoa, Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana, Ramatoa Filoha.

Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny fampielezan-kevitra mikasika ny fifidianana izay ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritany enina ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-13 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fifidianna izay ho mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra. Fidina ho amin'ny faharetan'ny fotoam-piasana araka ny fepetra mitovy amin'ny Filoha izany ka atao latsa-bato miafina ary hisy fihodinana faharoa raha toa ka tsy mahazo ny antsasa-manilan'ny vato manan-kery ny kandida amin'ny fihodinana voalohany. Nambarany fa 5 minitra no faharetan'ny fandraisam-pitenenana amin'ny fampielezan-kevitra ho an'ny kandida tsirairay avy.

Taorian'izay dia natao ny fanolorana ireo kandida isaky ny Faritany, ka ireto avy izany:

- Faritanin'Antananarivo

RASOLONJATOVO Honoré (Papasolo) (IRD)

- Faritanin'Antsiranana

RAHELIHANTA Jocelyne (IRD)

- Faritanin'i Fianarantsoa

RAZAFITSIANDRAOFA Jean Brunel (IRD)

- Faritanin'i Mahajanga

RAHANTANIRINA Lalao (IRD)

- Faritanin'i Toamasina

MICHELLE Bavy Angelica (IRD)

- Faritanin'i Toliary

RABENIRINA Jean Jacques (IRD)

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nangata-pitenenana ka ireto avy izany:

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina

Ilaina ny fisokafana fa tsy ny seza no zava-dehibe. Noho izany, misintona ny filatsahan-kofidiko amin'ny maha Filoha Lefitra ahy ny tenako.

Andriamatoa AFAKANDRO Alphonse kosa nanambara fa tokony homena fitaterana ny Solombavambahoaka ary niangavy ny hanazavana hoe inona no dikan'ny hoe "redoublant" ato amin'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa indray dia niangavy an-dRamatoa Filoha mba hisian'ny "huis clos" satria raharahan-tokatranon'ny Antenimierampirenena no dinihina.

Ho an'Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas, nilaza ampahibemaso izy fa nosintoniny ny "candidature"-ny ho amin'ny toeran'ny Kestora fahatelo.

Tokony ho mari-potoana hoy Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien amin'ny fanombohan'ny fivoriana satria mitarika fahatarana amin'ny zavatra hatao izany.

Nanamafy izany Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely fa aleo hatao ara-potoana ny zavatra rehatra.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa nisy Solombavambahoaka nangataka fivoriana "à huis clos" ka handraisana fanapahan-kevitra ny momba izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 11 no nanaiky; Solombavambahoaka miisa 97 no nitsipaka ary Solombavambahoaka 4 kosa no tsy nilaza ny heviny.

Noho izany, nambaran-dRamatoa Filoha fa tsy hisy ny fivoriana "à huis clos".

Raha nomena fitenenana ireo mpilatsaka hofidina ho Filoha Lefitra isaky ny Faritany dia nitaona ny Solombavambahoaka rehetra mba handrotsaka ny vato ho azy ireo ary nambarany tamin'izany fa ny fiaraha-miasa no zava-dehibe ka izany no tanjona tokony hotratrarina. Vonona ny hanampy an-dRamatoa Filoha amin'ny fanatontosana ny adidy hiantsohona koa izy ireo.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré kosa nisaotra an'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina tamin'ny fandaminana natao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka.

Marihana fa taratasin-datsabato (bulletin unique) no nampiasaina tamin'izany.

Araka ny fomba fanao, nantsoina ny anaran'ny Solombavambahoaka ka izay voatonona dia mandroso manatanteraka ny adidiny.

Rehefa vita ny fifidianana dia niangavy Solombavambahoaka 5 zandriolona indrindra ary Solombavambahoaka 2 hafa, Ramatoa Filoha, mba hanatanteraka ny fanisam-bato ka ireto avy izany:

- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RASOLONIAINA Robert
- MAMIZARA Yasmirah Loeticia
- EDIZARD
- ANDRAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
- RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian

Toy izao ny vokatry ny latsa-bato:

- **Faritaninan'Antananarivo:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 145
Vato azon'Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré: 141
Vato fotsy: 04
- **Faritanin'i Fianarantsoa:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 145
Vato azon'Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunel: 139
Vato fotsy: 06
- **Faritanin'i Toliara:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 145
Vato azon'Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques: 135
Vato fotsy: 10
- **Faritanin'Antsiranana:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 145
Vato azon-dRamatoa RAHELIHANTA Jocelyne: 128
Vato fotsy: 16
Vato maty: 01
- **Faritanin'i Mahajanga:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 145
Vato azon-dRamatoa RAHANTANIRINA Lalao: 128
Vato fotsy: 17

- **Faritanin'i Toamasina:**

Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151

Isan'ny mpandatsa-bato: 145

Vato azon-dRamatoa MICHELLE Bavy Angelica: 131

Vato fotsy: 14

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ho Filoha Lefitra eto amin'ny Antenimierampirenena ireto Solombavambahoaka manaraka ireto:

Faritaninan'Antananarivo: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

Faritanin'i Fianarantsoa: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunel

Faritanin'i Toliara: Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

Faritanin'Antsiranana: Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne

Faritanin'i Mahajanga: Ramatoa RAHANTANIRINA Lalao

Faritanin'i Toamasina: Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Filoha fa noho ny fandaminana dia aato fotoana fohy ny fivoriana.

Niato tamin'ny 7 ora sy 5 minitra, alina, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 7 ora sy 15 minitra, alina ny fivoriana ka ny Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Toamasina, Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica no nitarika izany.

Fifidianana izay ho Kestora Voalohany, Faharoa sy Fahatelo ary ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra no tohin'ny fandaharam-potoana.

- Andriamatoa HENRI JEAN MICHEL (IRD) no nirotsaka hofidina ho Kestora Voalohany.
- Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera (IRD) no nirotsaka hofidina ho Kestora Faharoa.
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe (TIM) no nirotsaka hofidina ho Kestora Fahatelo.

Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse no nanolotra ny kandida roa voalohany ary Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle no nanao izany ho an'ny kandida fahatelo sady nombany fisaorana ny vovonana IRD tamin'ny fisokafana ho an'ny antoko hafa.

Rehefa nomena fitenenana ny kandida tsirairay avy dia nanao fampahafantarana ny tenany ary naneho fa vonona hiara-kiasa amin-dRamatoa Filoha.

Niroso tamin'ny fifidianana ny mpivory taorian'izay.

Marihana fa taratasin-datsabato tokana (bulletin unique) no nampiasaina tamin'izany.

Rehefa vita ny fifidianana dia niangavy izay Solombavambahoaka hanatanteraka ny fanisambato, Ramatoa Mpiatarika ny fivoriana ka ireto avy izany:

- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RASOLONIAINA Robert
- MAMIZARA Yasmirah Loeticia

Toy izao ny vokatry ny latsa-bato:

- **Kestora Voalohany:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 129
Vato azon'Andriamatoa HENRI Jean Michel: 126
Vato fotsy: 03
- **Kestora Faharoa:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 129
Vato azon-dRamatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera: 123
Vato fotsy: 06
- **Kestora Fahatelo:**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 129
Vato azon'Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe: 124
Vato fotsy: 05

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpiatarika ny fivoriana fa lany ho:

Kestora Voalohany: Andriamatoa HENRI Jean Michel

Kestora Faharoa: Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera

Kestora Fahatelo: Andriamatoa RABENIRINA Maminiaina Solondraibe

Rehefa izany, niroso tamin'ny fifidianana ny Mpampakateny Jeneraly sy ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra ny mpivory.

Ramatoa ANGELE Solange (Indépendant) no nirotsaka ho Mpampakateny Jeneraly; Andriamatoa MAMANGY Norbert no nanolotra azy sady nitaona ny Solombavambahoaka handrotsaka vato ho azy.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina (IRD) no nilatsaka ho Mpampakateny Jeneraly Lefitra ka Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse no nanao ny fampahafantarana azy, toy ny teo aloha nitaona ny Solombavambahoaka hifidy ny kandida natolony.

Taratasin-datsabato tokana (bulletin unique) hatrany no nampiasaina tamin'ny fifidianana.

Araka ny fomba fanao, nantsoina ny anaran'ny Solombavambahoaka ka izay voatonona dia mandroso manatanteraka ny adidiny.

Rehefa vita ny fifidianana dia niangavy izay Solombavambahoaka terempanahy, Ramatoa Filoha, mba hanatanteraka ny fanisam-bato ka ireto avy izany:

- RAKOTONDRAZAFY José Alain
- RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta
- RASOLONIAINA Robert
- RAMAMONJISOA RAKOTONIRINA Jhon Wha
- RANDRIANASOLO Augustin
- RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol

Toy izao ny vokatry ny latsa-bato:

- **Mpampakateny Jeneraly**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 108
Vato azon-dRamatoa ANGELE Solange: 105
Vato fotsy: 03
- **Mpampakateny Jeneraly Lefitra**
Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
Isan'ny mpandatsa-bato: 108
Vato azon-dRamatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina: 103
Vato fotsy: 05

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika ny fivoriana fa lany ho:

Mpampakateny Jeneraly: Ramatoa ANGELE Solange

Mpampakateny Jeneraly Lefitra: Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

Nambaran-dRamatoa Mpitarika ny fivoriana fa feno ny Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena taorian'ireo fifidianana ireo.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana nampahatsiahivin-dRamatoa Mpitarika ny fivoriana fa araka ny hafatra nampitain-dRamatoa Filoha, rahampitso Alakamisy 18 Jolay 2019 no hanaovana ny fifamindram-pahefana eo aminy sy ny Filohan'ny Antenimierampirenena teo aloha; amin'ny Zoma 19 Jolay 2019 kosa no hanaovana ny fifidianana izay ho Filohan'ireo Vaomiera Maharitra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Mpitarika ny fivoriana, niato tamin'ny 9 ora sy 20 minitra, alina, ny fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona